# Ilay Voa Tsara Nafafy 03 Jolay 2020

# 3 **Zoma**
jolay

***(Hoy Jesosy :)*** **Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy ; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona.**
Jaona 15. 5

**Nomenao ahy**

*Eny, ry Tompo Jesosy, nomenao ahy*
*Ny mba hiara-mitomany amin'ireo izay mitomany,*
*Ny hifona ho an'ireo izay matahotra,*
*Ny hanatsotra ny tanako roa sy ny foko*
*Ho amin'ireo rehetra ao anaty fijaliana.*

*Nomenao ahy, ry Tompo Jesosy,*
*Ny mba hiaina sy hitia tahaka Anao,*
*Ny hanatanteraka tsikelikely amin'ny finoana,*
*Ireo asa napetraka teo, ho ahy,*
*Eo amin'ny lalana mitondra ahy ho any aminao.*

*Nantsoinao aho, ry Tompo Jesosy,*
*Mba haneho eto amin'ity tany ity*
*Ny fahasoavana avy amin'Ilay Andriamanitra Ray.*
*Fihiniko ato am-poko sy ato amin'ny fanahiko*
*Ny faniriana sarobidy hanao izay mahafaly Anao.*

*Nomenao ahy, ry Tompo Jesosy,*
*Ny mba hahatakatra fa tsinontsinona aho*
*Raha tsy manana Anao, raha tsy manana ny fitiavanao,*
*Sy ny mba hanaiky fa tsy mahefa na inona na inona aho,*
*Raha tsy eo ny fitiavanao manohana ahy.*